INBAR Technical Bulletin • #3



# PEPINIERA: fampiasana botira avy amin'ny sampan'ny volobe

Madagascar

INBAR
INTERNATIONAL NETWORK FOR BAMBOO & RATTAN

This project is funded by the IFAD

IFAD
Investing in rural people

This project is funded by the European Union

## Fampidirana

Ny fampiasana botira amin'ny alalan'ny sampan dia tsy fomba iray ampitomboana ny volobe nefa tsy hanimbana azy. Mety kokoa izy ho an'ny volobe manana sambana izay mivonto eo amin'ny fotony na koa ireo volobe izay matevina nofo toy ny Dendrocalamus Spp sy Bambusa Spp. Ny fotoana tsara anaovana azy dia ny fanombohan'ny fahavaratra (aorian'ny orana voalohandohany na koa ny telovolana voalohan'ny fahavaratra).

## Ny tany ampiasaina:

Mampiasà taninjanakazo misy fasika. Mampiasà fasika madio sy mora vidy, izay hita eo an-toerana. Ny fasika mantsy dia tsy mitana rano, manamora ny fandehanan'ny rivotra sy ny fiforonan'ny faka. Kely kokoa ny fahasimban'ny faka rehefa mamindra ny zanakazo. Azo atao ihany koa ny mitatitra ny botira ampiasaina anaty fasika.

## Taninjanakazo:

Afaka atao toy izao manaraka izao ny refin'ny platibandy: haavony: 20cm, sakany: 1,20m, halavany: 5 – 10m na mihoatra, arakaraky ny ilàna azy.

## IREO DINGANA ARAHINA



Misafidiana taho ana volobe 1 – 3 taona misy sampana lehibe.
Safidio mba hisy fotony mivonto ilay sampana. Mitovy bika amin'ny fakabe.
(Misy fakakely, masony ary raviny)



Tapaho tsara amin'ny tsofa maranitra ny fototr'ilay sampana lehibe. Tandremo sao silaka.
Azo ampiasaina ihany koa ny sampan faharoa amin'ilay sampana lehibe (misy fototra mivonto, fakakely, masony ary ravina)



Raiso ny vaniny 3-5 miala eo amin'ilay fotony mivonto. Mba ampihena ny fahaverezandrano, rehefa avy manapaka ilay sampany dia esory ny zana-tsampany fahatelo. Ny zana-tsampany lehibe dia tapaho amin'ny tsofa, secatera kosa no ampisao rehefa manala ny raviny sy ny zana-tsampany madinika.

**Rehefa avy notapahina dia fonosina anaty gony mando ireo botira mba tsy ho maina. Taterina haingana eny amin'ny taninjanakazo avy eo.**

## NY ATAO REHEFA ENY AN-TANINJANAKAZO

Raha misy ny fahafahana-manao dia afaka alona mandritra ny ora maromaro na indray alina anaty tsirimpanentana ny botira  manamora ny fitsirin'ny faka. (Indolebutryic acid (IBA) na Napthlene Acetic Acid (NAA) 200 ppm).



Alohan'ny ambolena dia anapaho kely ny ilan'ny botira dia alona anaty rano misy fungicide mandritra ny 5 minitra (1 ml/g anaty rano 1 litatra).



Lavaho amin'ny tanana ny tany/fasika dia atsatohy ny fototry ny botira, ilay faritra misy mivonto iny.



Asio tainomby lena na tanimanga ny tampon'ilay botira mba tsy hahalaky maina azy sy tsy hahabe ny rano very lasa entona. Asiana alokaloka ihany koa ny platibandy.



Tondrahana rano in-3 na 4 isanandro ny botira, ny vatany sy ny fotony.
Arahi-maso ny fiforonan'ny fakakely sy ny fakabe.
Rehefa mitsiry tsara ireo faka ireo dia mila tandremana tsara rehefa mamindra azy mba tsy hisy tapaka.



Misy tsiry mivoaka avy amin'ilay maso ao amin'ny fototra mivonto afaka 10 na 20 andro. Mety maharitra 25 ka hatramin'ny 90 andro ny fitsirin'ny faka arakaraky ny karazan'ny volobe sy ny fotoana nakàna ny botira.



Mampiasà pot plastika 15x20 cm asiana tany sy fasika ary zezi-pahitra amin'ny fatra 1:1:1 (mitovy habetsany avy) ary asiana compost 3:1.

**Rehefa avy natao tanaty pot plastika dia tondrahina matetika ary ajanona 1 volana anaty alokaloka alohan'ny ametrahana azy mivantana amin'ny masoandro. Afaka ambolena ny zanaka volobe afaka 4 na 6 volana avy eo.**



*Ny famokarana Ito boky ito dia nahazo ny fanohanan'ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena.Ny votoatin'ity boky ity dia andraikitry ny INBAR samy irery ary tsy mamatotra ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena*

Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny:

INBAR secretariat:
No. 8, Fu Tong Dong Da Jie, Wang, Jing Area, Chaoyang District, Beijing 100102, P.R. China
Telephone: +86-10-6470 6161, +86-10-8471 3337, +86-10-6471 7108
Fax: +86-10-6470 2166 | Email: info@inbar.int